1,2,3 TANTARAO !

# ANDRIAMANITRA …
# METY HO MPIANDRY ONDRY VE IZY ?

*Ao anatin'ireto andiana tantara notsongaina manokana ho an'ny ankizy ireto, izay mahirina fa tantara nalaina avy tao anaty Baiboly ihany, no miaraka mijery isika hoe inona avy ireo fanontaniana manandanja mety hapetraky ny tsirairay. Ohatra : Andriamanitra ve, ohatran'iza Izy ? Azo fantarina ve Izy ? Afaka miresaka Aminy ve aho ? Ny Lanitra, tena misy tokoa ve ? Iza moa i Jesosy ?*
*Ny lohahevitra anio dia ny hoe : « IZA MOA ANDRIAMANITRA ? HO ANAO, IZA IZY ?» Mety tsy ho hainao ny mamaly ireo fanontaniana ireo, satria ho sarotra tokoa ny hamaritra amin'ny teny fohy ny maha-izy azy an'Andriamanitra. Ho fanampiana antsika dia 'ndeha hiaraka hiaina tontolo andro iray miaraka amin'ny mpiandry ondry antsoina hoe DAVIDA isika.*





Vao mangiran-dratsy địa efa manomana ireo fitaovana rehetra ilaina ho an'ny fiandrasana ondry i Davida. Entiny miaraka amin'izy ireo koa ny sakafo sy ny rano ary ny lokanga. Tena vonona tsara izy. Efa miandry azy avokoa ireo ondry, izay miantsoantso mafy ery !
- Vangavanga, Sarokenatra, Mihanta, Faly, Fotsikely, … Andao daholo ô ! An'ny Rainy ireo andian'ondry ireo, saingy fantatr'i Davida amin'ny anarany avokoa ny tsirairay.
- Avia, manatona ! Tena Mbola ondry kely ianao. Rehefa tonga any an-toerana isika vao mahazo mivenjivenjy ianao !

Mandeha eo anoloan'ireo andian'ondry i Davida. Fantany tsara ireo havoana izay misy ireo ahi-maitso tena tsara. Andro aman'alina no ijanonany miaraka amin'ireo andian'ondry, satria maro ireo bibidia mitady handrapaka ireo ondry mandritry ny alina.



Misy fotoana matahotra mafy ireo ondry rehefa mandre ny feon'ireo amboadia.
- Hoy Davida : « Aza matadora moa e! Izaho anie eto foana e ! 'Ndeha matoria !

Rehefa izany dia tena mahazo toky sy fiarovana izy ireo. Mandritry ny fotoana hihinanan'ireo ondry ny vilona, i Davida kosa mitendry ny lokangany. Ireo hira noforoniny no hirainy. Tsy misy olon-kafa mandre azy fa hirainy ho an'Andriamanitra izany. Misaotra Azy i Davida noho ny hakanton'ny Natiora, noho ny fiarovany ary ny fanampiny. Ambarany amin'Andriamanitra ny fitiavany sy ny fahatokiany Azy.



Tsy mipi-maso mihintsy Davida mijery ireo ondry. Indreny tokoa fa misy ireo izay manalavitra azy
« Ndry, hankaiza ary ireto ondry mihanahana ireto ? » Jereo ireto izy fa mandroso tsy mahita afa-tsy ny ambany orony ! Raha mitohy izao dia ho very ireo, satria tsy ho tafaverina eto intsony ! »
- Fetsikely, Mainty tongotra, Eh…avy aty ! Tena tsy maheno ve ry zareo sa dia mafy loha fotsiny ? Nandroaka tany tamin'ny tehiny i Davida ary natsipiny tany amin'ireo ondry, izay nihazakazaka niverina avy hatrany. Ny łoża ve ? …

Tsy mba tsapan'izy ireo izany ! Ahoana tokoa moa no hataon'izy ireo raha mifanehitra amin'ny liona sy ny bera ? Matetika tokoa mantsy i Davida no nandrombaka azy ireo teo ambavan'ireo bibidia.
-'Ndao e, 'ndao e… Mafana be izany masoandro izany. 'Ndeha isika hialoka ery ambany hazo akaikin'ny renirano ery. Afaka hisotro rano milamina sy hiala sasatra hianareo. 'Ndeha daholo hanaraka ahy !
Niainga avokoa ireo andian'ondry. Injay anefa i Davida nandre ny fibarareokin'ny ondry… Mety ho antso vonjy ve izany ?



- Ka tsy i Mahery fo ve iry tazako manamorona ny hantsana iry ? Inona ary no ataony ao anatin'io kirihitra tsilo io ? Ny vato eny anefa tena malama. Tena nahita hevitra koa izy nankeny an ! Nanatona am-pitandremana i Davida no sady nitehina tamin'ny tehiny. Noraisiny moramora ilay ondry ary nataony teny aǹ-tsorony.

- Mafy loha hianao ry mahery fo ! Hoy Davida no sady nosafosafoiny. Inona izao no nataonao tany fa tsy nanaraka ahy
,
Nilentika ny masoandro. Mangina ny tontolo manodidina. Tsy misy re afa-tsy ny feon'i Davida izay mijoro eo amin'ny vavahadin'ny valan'ondry.
-Isa, roa, telo, efatra, dimy,… Dimy amby enimpolo, fitopolo ! Miditra tsirairay ireo ondry ary dia manisa azy ireo i Davida. Raha sanatria moa ka tsy ampy iray ny ondry, dia inona no hataony ?
Hiverina ao anaty aizina izy, ary hitady mandrapahitany azy. Hotsaboiny ireo maratra, ireo marary, ireo ondry kely, ireo marefo. Tena manandanja aminy ny ondry tsirairay.
Avy nentiko niara-niaina tontolo andro iray niaraka tamin'i Davida, Mpiandry ondry ianao.
Mety hanontany ianao hoe : Inona no antony ? Tsotra fotsiny ny valiny satria ny iray amin'ireo hira noforonin'i Davida dia hoy indrindra izy : « Ho ahy… Andriamanitra no Mpiandry ondry… Izaho dia ondriny » Fantatrao ve izany Salamo izany ? Ny Salamo faha-23



***« Jehovah no Mpiandry Ahy, tsy hanan-java mahory aho.***
***Mampandry ahy eo amin'ny ahi-maitso Izy***
***Mitondra ahy eo amoron'ny rano fialan-tsasatra Izy,***
***Mamelombelona ny fanahiko Izy***
***Mitarika ahy amin'ny làlan'ny fahamarinana noho ny anarany Izy***
***Eny, na dia mandeha mamaky ny lohasaha aloky ny fahafatesana aza aho***
***Dia tsy hatahotra ny loza aho fa Ianao no amiko***
***Ny tsorakazonao sy ny tehinao, ireo no mahafatahotra ahy***
***Mamelatra latabatra eo anoloako eo imason'ny fahavaloko Ianao***
***Manosotra diloilo ny lohako Ianao, ny kapoakako feno dia feno***
***Eny, tokoa fahasoavana sy famindrampo no hanaraka ahy***
***Amin'ny andro rehetra iainako***
***Dia hitoetra ao an tranon'i Jehovah andro lava aho »***

## *ARY IANAO SY IZAHO!*

*Ao amin'io Salamo io dia ampitahain'i Davida amin'ny ondry ny tenany, izay manana an'Andriamanitra ho Mpiandry azy. Ianao koa ve manana Mpiandry hiaro sy hitari-dàlana, hitia sy hampahery anao ?*

*Ao amin'ny tantara tsirairay notsongainay tao amin'ny Baiboly dia hambaranay anao ny amin'io Mpiandry io, Ilay Andriamanitra Lehibe, mba ho fantatrao misimisy kokoa ny momba Azy.*

## *ARY ISIKA RAY AMAN-DRENY !*

*Tahaka an'i Davida, isika koa dia ondry manana ny fahalemeny sy izay mamparefo azy avy. Noho izany, afaka misafidy Ilay Mpiandry Lehibe koa isika ho an'ny fiainantsika.*

*Isika ihany koa anefa dia natao ho mpiandry ho an'ireo zanantsika. Tompon'andraikitra amin'ny fikarakarana, fitaizana, fiarovana, fitarihana ary fanabeazana azy ireo isika. Rehefa mamafy ny tenin'Andriamanitra ao ampon'izy ireo isika dia manjary mahalala an'Andriamanitra, izay te ho Mpiandry tsara, ho azy sy ho antsika koa izy ireo. Mba hahaizan'izy ireo manao izany safidy tsara izany dia mila mahafantatra manokana an'Andriamanitra izy ireo.*

*Ny tanjontsika amin'ny fanoratana ireo tantara ireo dia ny hananantsika Ray aman dreny fitaovana fanampiny mba hanarahana ireo ankizy ka hahalala Ilay ANDRIAMANITRA LEHIBE izay tia azy ireo.*